Rindran'ny Olompirenena
Hiarovana ny Iaraha-manana

**Mikolokolo ny tsy rariny sy ny tsimatimanota eo amin'ny lafin'ny fifanolanana mikasika ny fifidianana ve ny HCC ? Ohatra entina amin'izany ny valim-pitsaran'ny fitoriana napetraky ny Ivotoerana Fanarahamaso SAFIDY**

23 Juillet 2019

Ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (antsoina hoe HCC) no manapaka amin'izay rehetra fangataham-pitsarana ifanolanana momba ny fitsapan-kevi-bahoaka, ny fifidianana ny Filohan'ny Repoblika, ny fifidianana ireo solombavambahoaka sy ireo loholona (*andininy 200, Lalàna 2018-008 mikasika ny fitondrana akapobe ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka)*

Noho ny fahafahana maneho ny hevitra an-kahalalahana sy ampiheverana koa anefa , ny Hetsika ROHY dia maneho ny fijeriny ny HCC, izay andrim-panjakana, tokony hanaja ny mangarahara sy ny tamberin'andraikitra eo amin'ny lafin'ny soatoavina sy ny fahombiazana , tahaka ny andrimpanjakana sy rafi-panjakana rehetra .

**1. Aiza ho aiza daholo ireny fitoriana mikasika ny fandikana mampiseho endrika ady heloka ireny ?**

Araka ny lalàna [1], ny Fampanoavana no manenjika ny tsy fanarahan-dalàna rehetra mikasika ny ady heloka . Afaka mampaka-draharaha ny Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, ny Vaomiera mahaleotena misahana ny fifidianana (CENI) ary ny tompon'andraiki-panjakana rehetra.
Hatreto, dia tsy misy fampahalalàna momba izany momba ireo fitoriana mikasika ny fandikana mampiseho endrika ady heloka. Ny tonga eo amin'ny HCC dia eo amin'ny 48 / 656 [2] ireo fitoriana tamin'ity fifidianana solombavamb-hoaka ity. Aiza ho aiza izy ireo ankehitriny ?

**2. Ny lalàna mikasika ny porofo takiana amin'ny fitoriana**

Malaza loatra sady hatao fihomehezana mifangaro fahakiviana ilay fitenenana nampiasain'ny HCC rehefa manapaka izy momban'ireny fitoriana marobe ireny : *« Azo raisina fa tsy mitombina » .* Ny Hetsika ROHY dia malahelo manoloana ireo fitoriana marobe lazaina fa tsy mitombina ireo ; mampametraka fanontaniana betsaka momba ny porofo takiana amin'izany.

Araka ny andininy 204 , Lalàna 2018-008 mikasika ny fitondrana akapobe ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka) , *ny fitoriana izay atao sosona roa tsy ampandoavina hajia sy saram-piraketana am-boky, mba tsy hahafoana azy, dia tsy maintsy soniavina ary misy (…) ny antony amaharana sy tohan-kevitra ho fanafoanana izany. Tsy maintsy ampiarahina amin'ny fitoriana ireo singan-taratasy novokarina rehetra anaporofoana ny antony amaharana. Ireo taratasy ireo dia mety ho taratasy notoavina na ara-panjakana, na fijoroana vavolombelona miendrika an-tsoratra , izany dia mety ho mahaleotena na iombonana. Ny fanambarana mahaleotena dia soniavin'ny vavolombelona tsirairay. Ny fanambarana iombonana dia soniavin'ny vavolombelona roa (2) na maromaro manatrika miaraka amin'ny filazana ny anaran'izy ireo. Ireo singan-taratasy ireo dia afaka tohanana amin'ny fomba rehetra na akalana izay heverin'ny mpitory fa ilaina.*
*Masi-mandidy amin'ny fandanjalanjana ny herin'ireo singan-taratasy novokarina ho porofo sy Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana na ny Fitsarana momba ny ady atao amin'ny Fanjakana. "*

[1] Andininy 237 , *Lalàna 2018-008 mikasika ny fitondrana akapobe ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka*

[2] http://www.hcc.gov.mg/election/arret-n42-hcc-ar-du-2-juillet-2019-relatif-a-des-rejets-de-requetes-concernant-les-infractions-penales-lors-des-elections-legislatives-du-27-mai-2019/

Ny lalàna dia hita fa tsy mamaritra mazava tsara ny porofo takian'ny HCC , izay masi-mandidy mandanjalanja ny porofo ho entin'ny Mpitory. Tsy misy koa ny lalàna fampiharana mamaritra bebe kokoa ireo.

**3. Faits concernant les requêtes déclarées recevables mais non fondées**
**Zava-misy mikasika ireo fitoriana lazaina fa azo raisina fa tsy mitombina**

**a) Mikasika ny fifidianana Filohan'ny Repoblika, fihodinana voalohany sy faharoa**

Aman-jatony ny fitoriana nipetraka teo anivon'ny HCC. Iray ihany no nekena , izay nangataka ny fanafoanana ny vato tao amin'ny Birao fandatsaham-bato tao amin'ny Kaominina Komajia : ny Kandida Marc Ravalomanana teo amin'ny andaniny, ary ny fikambanana KMF/CNOE teo amin'ny ankilany no nahazo fahafaham-po teo amin'ny HCC tamin'izany.

**b) Mikasika ny fifidianana solombavam-bahoaka [3]**
Niisa 656 ireo fitoriana noraisin'ny HCC ary no karakarainy.

Niisa 356 tamin'ireo 656 [4] ireo (izany hoe 54,76%) no nambaran'ny HCC fa azo raisina fa tsy mitombina, noho ny tsy fisiana na tsy fahampian'ny porofo.
Ireo tsy fanarahan-dalàna sasany nampahafantarin'ny CENI tao amin'ny « Délibération » [5] navoakany sy ireo fitanana an-tsoratra banga ihany no nanapahan'ny HCC ka nahatonga azy hanafoana ny vato sasany sy ny vokatra navoakan'ny birao fandatsahambato sasantsasany (miisa 67 izy ireo)

**d) Ireo fitoriana 6 nataon'ny Ivotoerana SAFIDY noho ny fampiasana tsy ara-drariny ny tombontsoan'ny tanjaky ny vahoaka (« *abus de prérogative de puissance publique* ») notapahin'ny HCC fa azo raisina fa tsy mitombina.**

Homena ho ohatra eto , ny fitoriana miisa 6 napetraky ny Ivotoerana SAFIDY noho ny fitsidihan'ny Filohan'ny Repoblika an-tsehatra[6] ny kandida 6 nandritra ny fampielezan-kevitra (6 May ka hatramin'ny 25 May sasak'alina) teo amin'ireto faritra ireto : Antananarivo I, Antananarivo II , Antananarivo III, Antananarivo IV, Antalaha, Maroantsetra . Ny porofo nentina dia ireo sary hita tamin'ny gazety sy hita teo amin'ny kaontin'ny tambazotran-tseraseran'ireo kandida ireo.

<u>Ny fanapahana nentin'ny HCC :</u> Azo raisina fa tsy mitombina satria tsy ampy ny porofo ( !) . *Amin'ny andaniny, tsy ampy ny sary fa tokony nasiana « banderoles », fanamafisam-peo, takelaka misy sora-baventy . Ny sary koa tsy porofo azo raisina (noho ny zava-niseho teo aloha na « jurisprudence »). Amin'ny ankilany, ny filatsahan'ny Filoha antsehatra dia ao anatin'ny ny asany tsy azo ihodivirany (missions régaliennes).*
Notovanana amin'ity fanambarana ity ireo valin'ny fitoriana natao , araka ny didim-pitsarana natao ny 02 Jolay 2019 [7]
Ny firenena iray manontolo nahita na tamin'ny gazety sy haino amanjery, na tamin'ny tambazotran-tserasera io tranga io. Moa va nila porofo mihoatran'izany ny HCC ? Mahatalanjona.
Manontany tena ny olompirenena tsy mitanila ny antony tsy nanaovan'ny Filoha (raha toa ka nahitsy fo tokoa izy ) ireo fidinany antsehatra ireo tao aorianan'ny fampielezan-kevitra . Tsy niteraka tsikera intsony raha nanao izany izy. Tsapa fa tsy natahotra velively izy raha nitsipaka tamin'ny fomba hentitra fa nanao fampielezan-kevitra izy. Toa efa fantany fa hankatoavin' ny HCC ny fitsidihana rehetra nataony …

**3. Fijerin'ny ROHY ny HCC**
Manoloana izany rehetra izany , manaitra ny Hetsika ROHY ary mametraka ireto fanontaniana sy fanamarihana manaraka ireto :

---

[3] Contentieux électoral , Elections législatives, Rapport final de l'Observatoire SAFIDY
[4] 356/656 fitoriana azo raisina fa tsy mitombina, noho ny tsy fisiana na tsy fahampian'ny porofo manan-kery
[5] Délibération n° 044/CENI/2019
[6] nahitana an'Atoa Minisitry ny Fanajariana ny Tany tamin'ny toerana sasany
[7] http://www.hcc.gov.mg/election/arret-n41-hcc-ar-du-2-juillet-2019-relatif-a-des-rejets-de-requetes-concernant-les-elections-legislatives-du-27-mai-2019-pour-insuffisance-ou-absence-de-preuve/

Maninona ny HCC nionona amin'ny tsy famaritana mazava ny porofo tokony entina amin'ny fitoriana ? Moa tsy tsapany ny tsy fahafaham-po miendrika alahelo nasehon' ny mpifidy sy ny Kandida tamin'ny fifidianana Filohampirenena ?

- Nankasitrahana ny torolalana momba ny fifanolanana mahakasika ny fifidianana solombavambahoaka naelin'ny HCC, izay niendrika fampianarana sy fanazavana ny tokony ny fizotrin'ireo fitoriana. Maninona ny porofo mivaingana tokony nentina tsy nofaritana hazava bebe kokoa , anefa efa tsapa ny alahelo sy ny fahakivian' ny mpifidy sy ny kandida (fihodinana voalohany sy faharoa) manoloana ny fitoriana napetrak'izy ireo ?

- Noho ny lalàna , dia masi-mandidy tokoa ny HCC. Izany fahefana masi-mandidy eo amin'ny fanapahana iandraiketany izany ve tsy tokony ampisehoany **fanetren-tena sy hitsim-po** ? Mampalahelo ihany ny fitakiana porofo tsy azo ivalozana , anefa tsy voafaritry ny lalàna mazava izany ary koa tsy niezahan'ny tompon'andraikitra velively ny hamaritana azy . Ny fahaizana manapaka amin'ny lafin'ny lalàna va tsy tokony alaina ankitsim-po sy amin'ny fahazavan-tsaina voalohany indrindra ?

- Ny fahefana masi-mandidy handanjalanja omena ny Mpitsara ara-pifidianana dia fahefana ao anatin'ny fahafahana tsy misy fetra . Noho izany, mora amin'ireo Mpitsara ny mitsipaka ny fitorian'ireo afaka mitory. Fahavoazana lehibe izany, indrindra moa rehefa tsy te-haka andraikitra izy ireo amin'ny fanazavana bebe kokoa, noho manana ny farateny izy. Manjaka ny fanaparana rehefa izany, satria hoe « *Izany no lalàna misy* ! ».

- **Fanjakana tan-dalàna tena miaro tokoa ny Mpifidy sy ny Kandida rehetra ve no misy ankehitriny?**

- **Ny Zon' ny olompirenena hitory eo amin'ny Fitsarana mahefa ve dia tena voahaja tokoa, rehefa tsy voahaja na voahitsaka ny zony politika hisitraka fifidianana madio?**

## FAMPAHATSIAHIVINA SY FEHINY

Mazava ho azy indray fa, amin'ny andaniny, tsy hankatoavin'ny mpisehatra rehetra voakasika (izay olompirenena tahaka ny rehetra) ny fijerin'ny Hetsika ROHY. Mety hilaza aza izy ireo hoe « *mirona amin'ny antoko politika na Kandida izay iharan'ny fanapahan-kevitra heverina fa tsy mitombina* » ny ROHY . Amin'ny ankilany, mahafaly ary hararaotin' ireo Kandida farany ireo ny fanambarana hataon'ny ROHY .

Tsy mirona na amin'na mpisehatra politika ny Hetsika ROHY, satria araka ny soatoavina ekena amin'ny maha Firaisamonim-pirenena azy dia miavaka izy amin'ny tontolo politika izay mikendry ny hahazoana fitondrana. Mpiara miombon'antoka hatrany ireo roa tonta ireo ary samy manana ny anjara asany.
**Amin'izany, ny Hetsika ROHY dia niaro ary tsy hitsahatra ny hiaro ny tombontsoan'ny daholobe izay mangetaheta fifidianana marina, eken'ny rehetra, tsy tokony hiteraka fahakiviana manoloana ny fitsapana ny tsy rariny . Tsy mitondra voka-tsoa amin'ny firenena izany ary mety hitondra loza mihitsy aza .**

**Izao tsimatimanota eo amin'ny fifidianana miseho izao dia anisan'ny sakana manimba ny fahamarinana eo amin'ny fifidianana, ary indrindra ny demokrasia . Hita taratra ny fahakivian'ny olompirenena mpifidy satria miha mihena ny fandraisany anjara amin'ny fifidianana, izay tokony hitondra amin'ny fanorenana ny firenena. Mbola ho tohizina hatrany va izao tsimatimanota izao eo amin'ny lafin'ny fifidianana ?**
**Tsy azo jerem-potsiny , hoy ny Hetsika ROHY.**